



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

### FAMPITAM-BAOVAO

Nigadona any Frantsa ny delegasiona malagasy notarihan'ny Filoha Andry Rajoelina androany marainan'ny 28 may 2019 namaly ny fanasana ara-pomba ofisialy nataon'ny Filoha frantsay Emmanuel Macron. Teo amin'ny Place des Invalides no nanamarihana izany fandraisana ara-pomba ofisialy izany tamin'ny alalan'ny fisafoana ny andiantafika frantsay izay nataon'ny Filoha Andry Rajoelina. Taorian'izay dia nihaona tamin'ny minisitry ny raharaham-bahiny frantsay, Jean-Yves Le Drian, tao amin'ny Quai d'Orsay ny filoham-pirenena. Fihaonana izay nanamafisan'ny roa tonta ny fifandraisana sy ny fiaraha- miasa eo amin'ny Madagasikara sy Frantsa.

Tao amin'ny foiben'ny OIF (Organisation Internationale de la Francophonie) ihany koa ny delegasiona malagasy ary nihaona tamin'ny Sekretera Jeneralin'ity vondrona ity , ramatoa Louise Mushikiwabo. Nohamafisina nandritra izany fihaonana izany ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatry fampianarana indrindra eo amin'ny lafiny fampitaovana ny mpianatra sy fampiofanana ireo mpampianatra malagasy.

Ny tena nanamarika ity andro voalohany amin'ny fitsidihana ara-pomba ofisialy any Frantsa ity ny fihaonan'ny delegasiona malagasy tamin'ireo mpitantana orinasa frantsay mivondrona ao amin'ny MEDEF. Ary nahazoam-bokatra sahady izany fihaonana izany satria fifanaraham-piaraha-miasa efatra no natao sonia androany. Telo amin'izany dia mikasika ny sehatry ny famokarana herinaratra : ny tetikasa ao Sahofika miaraka amin'ny Groupe Eiffage Concessions izay hamokatra 200Mgw, ny fananganana ivon-toerana mpamokatra herinaretra ao Toliara miaraka amin'ny Akuo Energy ary ny fananganana tobim-pamokarana ao Volobe izay hamoka 120Mgw miaraka amin'ny Compagnie Générale d'hydroélectricité de France. Teo ihany koa ny fifanaraham-piaraha-miasa natao niaraka tamin'ny Groupe Atos dia mahakasika ny fampiharana ireo fomba maderina eo amin'ny sehatry ny fambolena indrindra ny famokarana vary. Nanambara moa ny filoha Andry Rajoelina fa ny tanjon'izao fitsidihana ofisialy izao dia ny hijerena fiaraha-miasa mahomby izay hitondra fampandrosoana maharitra ho an'i Madagasikara.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana  
28-05-2019